# 365Tantara 96. Voa ratsy



# 96. Voa ratsy !

Rehefa nahazo an' i Aostralia i Angletera tamin' ny taona 1770 dia karazana biby sy zava-maniry maro izay nisy tany no tsy fantatra tanteraka.



Olona iray nifindra monina avy any Ekosy, nanana alahelo ny tany foana tsy nahavokatra tany amin' ny taniny no nahatonga voan-tsongosongo iray tànana, Voninkazo fanevan' i Ekosy, ary namafy izany tao amin' ny zoron' ny zaridaina keliny.

Folo taona vitsivitsy tàty aoriana, Nampielezin' ny rivotra, dia nanenika io kaontinanta lehibe io ny ahi-dratsy.



Fantatra koa hoe ahoana, teo anelanelan' ny taona 1952 sy 1960 ny virosin' ny myksomatozy, izay natao fanahy ianiana nampidirina tamin' ny bitro vitsivitsy tany Frantsa, no nandoto an' i Eoropa iray manontolo !

Les maladies humaines qui n'ont pas de frontieres : la peste, le VIH, de lyme etc.

Ny famafazana ny ota, nentin' i Satana teo amin' izao ntontolo izao, dia tena ohatran' ny tsy misy dikany. Izany dia tsy fankatoavan' ilay olombelona voalohany fotsiny ! Fa ny vokatr' izany hadisoana izany dia nampidi-doza ho an' ny olombelona : Heloka bevava, fitondran-tena maloto, fahantrana, fahoriana, fahafatesana ... !



Ny fon' ny olombelona dia tany lonaka izay hanirian' ny voan' ny tsy fankatoavana an' Andriamanitra mora foana.

Aoka isika ho mailo, aoka ho sakanantsika io voa io tsy ho tonga ato amintsika, tsy haniry ary tsy hanenika antsika.

Ny epistilin' i Paoly ho an' ny Galatiana ao amin' ny toko faha 6 sy andininy faha 7 dia manambara amintsika hoe :

"Fa izay afafin' ny olona no hojinjany koa."



Mamela, am-pahalalàna ny ataony, eritreritra maloto miorina sy mivelatra ato an-tsaiko, fialonana, lolom-po, filàna ...

Dia mahatonga ny tenako indray andro any ho tsy tompon' izany intsony .

Ny epistilin' i Jakoba toko 1 andininy faha 15 :
"Ny filàna, rehefa torontoronina, dia miteraka ota; ary ny ota, rehefa tanteraka, dia miteraka fahafatesana."